




**TATITRY NY FIVORIAM-BE**

Androany Talata faha 23 Mey 2017 dia nanatanteraka fivoriam-be ny SECES Sampana Antananarivo.

Taorian'ny tatitra momba ny fifampiraharahana nisy teo amin'ny Fitondram-panjakana ( Fiadidiana ny Primatiora, MESuPRES, ny Ministeran'ny Vola sy ny Tetibola) ankilany sy ny SECES andaniny, izay nampahafantarana ny mpikambana ny vokatry ny fikaroham-bahaolana naroson'ny fitondram-panjakana dia niroso tamin'ny fanehoan-kevitry ny mpikambana ny fivoriam-be.

Nivoitra tamin'izany fa mankasitraka ny ezaka fikaroham-bahaolana nasehon'ny Ministera mpiahy (MESupRES) sy ny Fiadidiana ny Primatiora ny mpikambana SECES – Antananarivo.

Ary satria tsy namaly ny hetahetan'ny mpikambana no sady tsy naharesy lahatra azy ireo ny volavolam-bahaolana natolotry ny Fitondrana dia

- miroso tsy fidiny amin'ny fampiatoana ny asa fampianarana sy fikarohana ara-tsiansa ny SECES Sampana Antananarivo mandra-pahita vahaolana maharitra sy eken'ny mpikambana ;
- hanatanteraka Filan-kevi-pirenena eto Antananarivo ny SECES manerana ny Nosy ny 01 jiona 2017 ho avy izao, mba handraisana fanapahan-kevitra hentitra

Marihina fa vonona mandrakariva ny SECES ny amin'ny fanomezana lanja ny fifampidinihana sy fifampiresahana ahitam-bahaolana ; izany no hatao dia mba hitohizan'ny filaminana ara-tsosialy (paix sociale) maharitra eo anivon'ny Oniversiten'Antananarivo sy ireo Foibem-pikarohana Nasionaly miorina eto Antananarivo.

Ny mita be tsy lanin'ny mamba !

Ny Filohan'ny SECES Sampana Antananarivo

RAVELONIRINA Sammy Grégoire

************************

Miverina mihetsika indray ankehitriny ny mpampianatra mpikaroka eny anivon'ny anjerimanontolo na ny SECES. Mbola takian'izy ireo mandraka ankehitriny ireo tamby samihafa izay zon'izy ireo ka tsy mbola nahazahoany valiny avy amin'ny mpitondra.

Nitatitra ary Andriamatoa Ravelonirina Gregoire, Filohan'ny SECES sampana Antananarivo, fa noho ny tsy fanatanterahan'ny fanjakana mahefa ny làlana velona eto Madagasikara, izay anisan'izany ny didim-panjakana laharana 1214-2009 mamaritra ny hanomezana ny tambin'ny

hofatrano sy ny tamby ny fikarohana ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, hatramin'izao, dia tsy nisy nampiàtra io didy io.

Nisy ihany koa anefa ny fifanarahana izay natao teny Mahazoarivo ny 10 Septembra 2015, izay nanambara fa ny LFR ( *« Loi des Finances rectificative »*) 2017 no handoavana ny ambin'ireo zo rehetra ireo. Tsy voahaja anefa izany fifanarahana izany, ary tsy nitazona ny teny nomeny ny fitondram-panjakana.

Noho izany dia nampaneno lakolosy fanairana izy ireo mpikambana ao amin'ny SECES ireo. Manahy ry zareo fa tsy ho anisan'ny tafiditra amin'io LFR 2017 io izay zon'izy ireo. Ary tsy hanaiky izany ry zareo.

**TSY HO HISY TAOM-PIANARANA ONIVERSITERA AMIN'ITY TAONA ITY RAHA TOA KA …**

Fitakiana izay tsy mila fampatsiahivana intsony izany araka ny fanazavan'izy ireo ary tokony ho tanterahina sy ampidirina ao amin'ny tetim-bolam-pankana 2017. Matetika re isakin'ny misy fitakiana toy izao fa tsy misy vola ny fanjakana, na koa tsy ampy ny eo am-pelatanàna.

Ny mahagaga anefa vao tsy ela dia efa nisy filankevitry ny Minisitra izay nampiakatra ny tambikaraman'ireo olom-boafidy eto amintsika, izay raha tombanana dia tena midangana tokoa. Eo koa ny fandrenesana eny anivon'ny lalan-tsaran'ny Antenimiera ny momba ny fanomezana fiara tsy matahon-dàlana ho an'ireo solombavambahoaka.

Fanontaniana mipetraka dia hoe : vola avy aiza ary no hanatanterahana ny fandoavana ireo voalaza tery ambony ireo? Raha milaza fa tsy misy vola ny fanjakana, tsy izany anefa ny zava-misy. Fa eo koa ny momba ny *«grille indiciaire»* an'ny mpiasam-panjakana izay nilazan'ny Minisitra ny Asa, Maharante Jean Dieu, mihitsy moa fa rariny ny fampiharana io *« grille indiciaire »* io. Saingy tsy mbola izao izany satria tsy misy vola ny fanjakana.

Noho izany indrindra no nahatonga ireo ao amin'ny SECES nanambara fa rehefa tsy ho tanteraka ny fitakiana dia hikatso tanteraka ny fampianarana ambony manerana ny Nosy. Mazava loatra fa dia ny ankizy mpianatra indray izany no hizaka ny tsy eran'ny aina vokatr'izany.

Tsy ireo ihany no takian'ny ireto mpampianatra mpikaroka ireto fa eo koa ny fangalàna ny tanin'ny Oniversite sasantsasany, izay nataon'olo-tsotra an-tsokosoko ary tsy mifidy andro na ora fa dia antoandro be nanahary no hanaovan'izy ireo izay fangalarana tan'ny Oniversite sy ny tany mpikarohana manerana ny Nosy izay.

Tsy andraikitra ny minisitera mpiahy fotsiny fa ny gouvernemanta iray manontolo no tokony handray andraikitra amin'ity raharaha tany ity.

**RAKOTONIRAINY Andry**